PACES : Ireo andro farany mialoha ny fanadinana!

Eny ! Maro ireo asa nilofosana mafy mba hahatongavana eto.

Telo androm-pamerenan-desona sisa mialoha ny hiatrehana ny ady mafy.

Inty no fotoana mampatahotra ny ankamaroan'ny mpianatra indrindra nandritra ny taom-pianarana (ho ahy dia eo ny fotoana tena maharisika ahy indrindra).

Amin'ny fanatanjahan-tena (indrindra ho an'ny *basket* sy ny *hand*), **ny money-time dia manondro ny mahasarobidy ny fotoana sy ny sekondra rehetra.** Eo indrindra no hanehoan'ny mpilalao ngezalahy ny fahaizany.

Eo amin'io fotoana io indrindra IANAO no tokony haneho ny fahaizanao!

Io no ezaka farany mialoha ny fanadinana, izao ianao no tokony hanao ny mety rehetra ka hanao izay farahery vitanao amin'ny fianarana.

Tonga amin'ny fotoana izay hahatongavan'ny asanao amin'ny fenitra avolenta ianao. Ny fanontaniana, ny fahalalana, ary ireo fanontaniana saro-baliana dia hisesy eo anatrehanao ary tsy nisy tavela teo anoloanao : **ananao ny fahafehezana ny taranja, tsy misy afaka ny hisakan-dalana anao intsony.**
Tsapanao àry amin'io fotoana io izany hoe hafaliam-po amin'ny asa vita tsara izany. Ho tonga saina amin'ny lanjanao sy ny asa vitanao rehetra ianao.

3 andro

3 andro, fotoana hanaovana ny fitadidiana anatina fotoana fohy sisa ! **ho tadidinao** izay hitanao mandritra io fotoana io**.**

TANDREMO : Io dingan'ny fitadidiana anatina fotoana fohy io dia tsy hety RAHA TSY HOE **mafonja** ny asa voaangona. Raha tsy izany, ny mbola fitadiavana karazam-pahalalana anatina fotoana fohy DIA hiteraka fikorontanan-tsaina fotsiny.

Betsaka ireo mitsikera ny fanaovana famerenana tafahoatra ny andro mialoha ny fanadinana. Fomba fiasa izay azo lazaina tsy mahomby ary anton'ny fisavoritahana sy fikorontanan-tsaina.

C’est qu’ils ne s’étaient tout simplement pas bien préparés tout au long de l’année…

Tapitra hatreo ny fotoana nahafahana nanao famerenana ampilamina ny lesona tsy misy fitaintainana. Nanana ny taona manontolo ianao nanaovana izany. Ankehitriny tonga eo amin’ny *money-time* ianao, izay naverinao nojerena rehetra dia hihamafy any anatin’ny fitadidiana anatina fotoana fohy koa arakaraka ny hijerenao **betsaka,** no hahavitanao asa **tsara**.

Aza matahotra ny hampiasa fanampina tohana lesona ny andro mialoha ny fanadinana : ny tahirin-kevitra tahadika atolotry ny mpampianatra, ny fanomanana, ny fiantohana na ihany koa ny leson’ny namana! Ny famakiana tohan-kevitra hafa, ankoatra izay efa hainao tsianjery, mahatonga anao ho voasarika hamantatra ireo teboka mbola tsy nanananao, na ambonin’ny efa nanananao na voalaza amin’ny fomba hafa ao amin’ny lesonao. Izany dia mahatonga azy hiraikitra ao amin’ny fitadidianao ho an’ny lesonao manokana fa eo ihany koa ny fitadidiana (amin’ny fotoana fohyireo kipitsompitsony izay tsy nananao tao amin’ny lesonao kanefa mety hitranga amin’ny fanadianana.

ZAVA-DEHIBE AVOKOA NY DINGANA:

-> Asa mafonja nandritra ny taona

–> Antoky ny famerenan-desona haingana sy mahomby kokoa

—> izay hahazoana Money-Time tena mamokatra